# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

**Zoma 17 jolay 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha**

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fametrahana sy fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera fanombanana ny tandrifim-pahefana hafindra amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana sy ny fandaniana mifandraika amin'izany.

### MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ireo fepetra manokana sy ny fomba fitantanana ireo tsenam-baro-panjakana amin'ireo sekoly mbola eo an-dalam-panorenana, taorian'ny fanekena ny torolalana vaovao momba ny maritrano avy amin'ny Fanjakana.

### MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fametrahana ny tambin-karama tantsoroka ara-panjakana momba ny fampianarana ho an'ireo mpandraharahan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Minisiteran'ny Fampianarana ara-tekinika sy ny Fanofanana araka asa.

### MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana hampiasa ny andinindinin'ny didim-panjakana laharana 2019-1310 tamin'ny 03 jolay 2019 mamaritra ny fepetra fampiharana ny dingana hampiharina amin'ny fanaovana tsenam-baro-panjakana.

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fiantsorohana ara-bola vonjimaika ireo saran'ny fampiharana ny Fombafomba Fitantanana ireo Fitarainana *(Mécanisme de Gestion des Plaintes – MGP)* an'ny tetikasa PRIRTEM ho an'ny taom-pikatrohana 2026.

### MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanombohana ny fampiroboroboana ny solika.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezan-dalana ho an'ny toeram-pivarotana volamena.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fanomezana famatsiam-bola ho fampandehanana ny fandaharanasa "viavy mahefa" ho fampiroboroboana ny fahaleovantenan'ny zatovovavy.

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

- Nolaniana ny didim-panjakana mametraka ny fanaovana fitafy maha-Malagasy isaky ny zoma. Ny hoe fitafy maha-Malagasy dia enti-milaza ny fitafy mampisongadina ny maha-izy azy ara-kolontsaina an'i Madagasikara na ny mampiavaka ireo faritra samihafa eto amin'ny Firenena, na nentin-drazana izany na nohavaozina, raha mbola mitahiry ny mampiavaka ny lova ara-pitafiana malagasy. Anisan'izany ny fitafy vita amin'ny lamba, kofehy, haingo na lamina nentin-drazana malagasy ary ireo kojakoja mifanaraka aminy. Ny fanaovana izany fitafy izany dia tsy maintsy anaty fanajana ny hasin'ny asam-panjakana ary tsy maintsy mifanaraka amin'ny fepetra takin'ny asa, indrindra ireo misahana ny fiarovana, ny fahadiovana, ny fahasalamana eo am-piasana ary ny fanaovana fanamiana manokana rehefa takin'ny asa izany.

- Nolaniana ny didim-panjakana anambarana ny hamehana momba ny angovo manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nolaniana ny didim-panjakana enti-manova sy mameno ireo fepetra sasantsasany entin'ny didim-panjakana laharana faha 2022-937 tamin'ny 22 jona 2022 anaovana ny fandaminana sy fomba fiasan'ny vaomiera fandrindrana sy fitarihana ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nolaniana ny didim-panjakana enti-manova sy mameno ireo fepetra sasantsasany entin'ny didim-panjakana laharana faha 2025-171 tamin'ny 19 febroary 2025 momba ny fampiharana ireo Fehin-kevitra 1267, 1373, 1718, 2231 sy ireo fehin-kevitra manaraka ny Filan-kevitry ny Filaminan'ny Firenena Mikambana, mikasika ny fampihorohoroana, ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana sy ny famatsiam-bola ny fanapariahana ireo fitaovam-piadiana mahery vaika.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTSA**

- Nolaniana ny volavolan-dalàna mikasika ny fampiasana azo antoka, voaaro sy am-pilaminana ireo haitao atômika (technologie nucléaire) eto Madagasikara.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

- Nolaniana ny didim-panjakana anambaràna ho an'ny tombontsoan'ny daholobe ireo asa fanitarana, fanarenana ny lalana mampitohy an'Ambohimahitsy amin'Ambatobe ary koa ireo asa fanajariana avy eo amin'ny *Bretelle* hatrany Ambohimahitsy, anatin'ny Faritra Analamanga, ary koa ny fahazoana ifanarahana na fandroahana ho an'ny tombontsoan'ny daholobe ireo sombintany sy/na fanana-mifaka voakasiky ny asa.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**, ho Masoivoho manana fahefana feno, Solontena maharitra an'i Madagasikara ao amin'ny UNESCO any Paris, Frantsa.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-021 tamin'ny 8 janoary 2026 ary anendrena an-d**Ramatoa MILLY Lyrnah Kristel**, hoTale misahana ny maha-olona eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-Bahiny.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-722 tamin'ny 18 mey 2022 ary anendrena an'**Andriamatoa DERASOANDRIAMAHAFALY Jean de Bon**, ho Talen'ny Foibem-pitondrana momba ny Rafitra Fampitam-baovao ao amin'ny Mana-mahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-776 tamin'ny 25 mey 2022 ary anendrena an'**Andriamatoa AVINIANJARA Sarobidy**, ho Talen'ny Foibem-pitondran'ny Fitsirihana anatiny ao amin'ny Mana-mahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1374 tamin'ny 8 desambra 2021 ary anendrena an'**Andriamatoa RASAMOELINA Rija Soloniony**, ho Talen'ny Fampiofanana sy ny Antontan-kevitra ao amin'ny Mana-mahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa IALY RADIO Eric Maxime**, ho Talen'ny Solontenam-paritra Analamanga ao amin'ny Mana-mahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an' **Andriamatoa RANDRIATIANA Valério Adjani Willys**, ho Talen'ny Solontenam-paritra Boeny ao amin'ny Mana-mahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

## MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-359 tamin'ny 5 aprily 2023 ary anendrena ny ***Commissaire de Police de Première Classe*** **RAVALINANDRASANA Maurice**, ho Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka ao Atsimo Andrefana eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.

## MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1973 tamin'ny 27 novambra 2024 ary anendrena an'**Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA Pascal**, ho Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany ao amin'ny Faritra Itasy.

- Volavolan-didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-659 tamin'ny 20 martsa 2024 ary anendrena an-d**Ramatoa RAVAOARISOA Emma Fideline**, ho Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany ao amin'ny Faritra Diana.

- Volavolan-didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-589 tamin'ny 13 martsa 2024 ary anendrena an'**Andriamatoa RAZAFINDRAJERY Mino Lalaina Harifeno**, ho Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany ao amin'ny Faritra Betsiboka.

## MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTSA + MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa RAVONINJATO Hajamanana Erick**, ho Talen'ny Fitantanana sy ny Fanatsarana ny Lova an'ny Foibe Nasionaly ho an'ny Fikarohana Ampiharina momba ny Fampandrosoana Ambanivohitra (FOFIFA).

## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-068 tamin'ny 8 janoary 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa RANOMENJANAHARY Célin**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Boeny.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-341 tamin'ny 20 janoary 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa LOHANIVO Alexio Clovis**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Diana.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-065 tamin'ny 8 janoary 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa RAMONJY Mahazakamanana**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Analamanga.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-066 tamin'ny 8 janoary 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa ANDRIAMADY Hary Ny Aina**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Itasy.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1546 tamin'ny 3 desambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa ANDRIAMAINTY FILS Jean Marius**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Alaotra Mangoro.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-069 tamin'ny 8 janoary 2026 ary anendrena an-d**Ramatoa RUHEKA Elyoh**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Betsiboka.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1277 tamin'ny 19 jona 2024 ary anendrena an'**Andriamatoa ANDRIAMIARINERA Hajanirina Serge**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Menabe.

**MINISITERAN'NY FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa RAZANDRINAPELA Mbolatiana Anjarasoa**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Analamanga eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa RAVONIRINA Albertine Claudia**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Vakinankaratra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa ANDRIANAIVO Andomamy**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Boeny eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa SEDRANIAINA Eugène Patrice Georges**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Vatovavy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa ANDRIAMIORA Hanitriniaina Edia**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Analanjirofo eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an-d**Ramatoa RAKOTOSON Tanjona ANDRIAMAMIMALALA**, ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Betsiboka eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-078 tamin'ny 08 janoary 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa RAVO Rakotoarimalala Andrianiriana**, ho Tale misahana ny Tohana ho an'ny Sehatra tsy Miankina eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Fampivelarana ny Sehatra tsy Miankina.

## MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1326 tamin'ny 19 novambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa RAKOTOSON Fanomezantsoa Gilchrist**, ho Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana
- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1732 tamin'ny 8 desambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa FANOMEZANTSOA Natolotriniaina Herizo**, ho Tale Jeneralin'ny Varotra Anatiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana

## MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1207 tamin'ny 12 novambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa RAMANANTSOA Antsivalahiniriko Eralison Pierrot**, ho Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampananana Asa sy ny Asam-panjakana
- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1338 tamin'ny 19 novambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa RATIANKAVANA Benjamin Larios Princis**, ho Tale Jeneralin'ny Ofisy Nasionaly an'ny Fampananana asa sy ny Fampiofanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa, ny Fampanana Asa sy ny Asam-panjakana
- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-577 tamin'ny 28 mey 2025 ary anendrena an-d**Ramatoa RAMBOASOLOFO Zoariseheno Anicette**, ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa sy ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Itasy
- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didi-panjakana laharana faha 2019-1588 tamin'ny 14 aogositra 2019 ary anendrena an'**Andriamatoa TILAHIZARA Romarie Hervé**, ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampananana Asa sy ny Asam-panjakana ao amin'ny Faritra Sofia

## MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa MILLY Martial**, ho Talem-paritry ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo ao Atsimo Andrefana

## MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa HERINAIVO Noëlson Elisé**, ho Talem-paritry ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana ao Atsimo Atsinanana.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-2112 tamin'ny 22 desambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa RAMANANTOANINA Andriamirija**, ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny Faritra Analamanga.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1778 tamin'ny 8 desambra 2025 ary anendrena an'**Andriamatoa HARIZOA Nantenaina**, Tale Mpandrindra ny vondron'ny fiaraha-miombona antoka sy ny fiaraha-miasa eo anivon'ny Ofisin'ny Radio sy Televizionim-panjakan'i Madagasikara.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-224 tamin'ny 15 janoary 2026 ary anendrena an-d**Ramatoa RAZOELIARIVONY Rojo Maharo**, ho Talen'ny Fampiroboroboana ny Filatsahana an-tsitrapo sy ny fanentanana ifotony eo anivon'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

- Noraisina ny didim-panjakana anendrena an'**Andriamatoa HUBERT Tatian**, ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny Faritra Atsinanana eo anivon'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

## IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1678 tamin'ny 8 desambra 2025 nanendrena ny Tale Jeneralin'ny Fanajariana ny Tany eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1687 tamin'ny 8 desambra 2025 nanendrena ny Tale Jeneralin'ny Mana-mahefa ho an'ny Fiarovana ny Lemak'Antananarivo amin'ny Tondradrano *(Autorité pour la Protection contre les Inondations de la Plaine d'Antananarivo – APIPA).*

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1019 tamin'ny 23 aprily 2026 nanendrena ny Tale Jeneralin'ny Tetikasa sy Fiaraha-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo.

**MINISTERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1445 tamin'ny 4 novambra 2020 nanendrena ny Tale Jeneraly Tekinika Lefitry ny Ofisy Nasionaly misahana ny Harena Stratejika *(Office des Mines Nationales et des Industries Stratégiques – OMNIS)*.

**MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1134 tamin'ny 20 oktobra 2021 nanendrena ny Lehiben'ny Vondrona Fitsirihana Anatiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-547 tamin'ny 6 martsa 2024 nanendrena ny Talen'ny Voliandrano (aquaculture) eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-251 tamin'ny 23 febroary 2022 nanendrena ny Talen'ny Serasera sy ny Rafitra Kajimirindra (DCSI) eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1343 tamin'ny 24 novambra 2021 nanendrena ny Tale Mpanatanteraky ny Mana-mahefa ara-pahasalamana momba ny Otrikarena anaty rano eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

- Noraisina ny didim-panjakana enti-manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-168 tamin'ny 2 febroary 2022 nanendrena ny Talem-paritry ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana ao Analanjirofo.

***Antananarivo, 17 jolay 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***